



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

ISAIA 55, 1-13

TE-HANAVOTRA NY OLONA NY TOMPO

L'ÉTERNEL VEUT LA DELIVRANCE DE L'ÊTRE HUMAIN

Mitarika : Pst Donald Gizy

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina. Amen ! - *Au Nom de Dieu Père, Fils et Saint-Esprit. Amen !*

Hira (Chant) chorale : Raha ny sofina (CU 2000)

Fampidirana fohy – Brève introduction

Hira (Chant) 499, 1 : Inona re no atakaloko :

1. Inona, re, no atakaloko an'i Jesosy izay mpisoloko
Ny zavatra izay ho simba va sy mora levona ?
Raha mbola hazoniko ny To ka tsy maty ny jiro ao am-po,
I Jesosy tsy soloako, na inona na inona.

Texte 1 : Isa. 55, 1-5 :

1 He, ianareo rehetra izay mangetaheta : mankanesa amin'ny rano ! Ary ianareo izay tsy manam-bola : avia, mividia ka homàna ! Eny, avia, mividia divay sy ronono, nefa tsy amim-bola, na amin-karena. 2 Nahoana ianareo no mandany [Na : mandanja] vola amin'izay tsy hanina ary ny vokatry ny fiasaranareo amin'izay tsy mahavoky ? Mihainoa dia mihainoa Ahy ka hano izay tsara, dia aoka hiravoravo amin'ny matavy ny fanahinareo. 3 Atongilano ny sofinareo ka mankanesa aty Amiko, mihainoa dia ho velombelona ny fanahinareo. Ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho, dia ny Famindram-po mahatoky nampanantenaina an'i Davida. 4 Indro, nataoko vavolombelona ho an'ny firenena Izy, ho mpanapaka sy komandy amin'ny firenena. 5 Indro, firenena izay tsy fantatrao no hantsoinao ary firenena izay tsy nahalala Anao no hihazakazaka ho aminao noho ny amin'Ny TOMPO Andriamanitrao sy ny Iray Masin'ny Isiraely, fa nomeny voninahitra lanao.

1 Vous tous qui avez soif, venez vers l'eau, même celui qui n'a pas d'argent ! Venez, achetez et mangez, venez, achetez du vin et du lait sans argent, sans rien payer ! 2 Pourquoi dépensez-vous de l'argent pour ce qui ne nourrit pas ? Pourquoi travaillez-vous pour ce qui ne rassasie pas ? Ecoutez-Moi vraiment et vous mangerez ce qui est bon, vous savourerez des plats succulents. 3 Tendez l'oreille et venez à moi, écoutez donc et vous vivrez ! Je conclurai avec vous une alliance éternelle pour vous assurer les grâces promises à David. 4 Je l'ai établi comme un témoin pour les peuples, comme un

guide et un chef pour eux. 5 Tu appelleras des nations que tu ne connais pas, et des nations qui ne te connaissent pas accourront vers toi à cause de l'Eternel, ton Dieu, du Saint d'Israël, parce qu'il te donne sa splendeur.

Toriteny 1 : Miantso ny olona handray ny Fahasoavany Ny TOMPO - Prédication 1 :
L'ETERNEL appelle l'être humain à recevoir sa Grâce :

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ny ankohonana – *pour la famille* : mba – *pour que* :
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise* : mba – *pour que* :

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY – prière conduite par le pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 499, 2-3 : Inona re no atakaloko :

2. Indro, Jesosy no fiainako, Izy no manda fiarovako :
Izaho efa maty nefa novelominy indray,
Ka na dia mahantra aza aty ka tsy mbola nafindra ho ary,
I Jesosy no anjarako ka ampy ahy re izay.
3. O, ry Jesosy Tompo tsara ô, aza mamela ny fanahiko
Hisaraka aminao fa tano aho ho mpanomponao.
Mba velomy ny fitiavako ka tohano ny fandehanako
Mba hanarahako ny lalana izay nalehanao.

Texte 2 : Isa. 55, 6-7 :

6 Mitadiava Ny TOMPO dieny mbola hita Izy, miantsoa Azy dieny mbola akaiky Izy. 7 Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny lalany ary ny tsy marina hahafoy ny heviny, ary aoka hiverina ho amin'Ny TOMPO ireny fa hamindra fo aminy Izy : eny, ho amin'Andriamanitsika, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy.

6 Recherchez l'Eternel pendant qu'il se laisse trouver ! Faites appel à Lui tant qu'il est près ! 7 Que le méchant abandonne sa voie et l'homme injuste ses pensées ! Qu'il retourne à l'Eternel : Il aura compassion de lui. Qu'il retourne à notre Dieu car Il pardonne abondamment.

Toriteny 2 : Mitaky fibebahana, finoana, fankatoavana ary faharetana ny Fahasoavana - Prédication 2 : La Grâce exige la repentance, la foi, l'obéissance et la persévérance :

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ireo marary – *pour les malades* : mba – *pour que* :
- ho an'ireo mpitsabo – *pour les soignants* : mba – *afin que* :
- ho an'ireo namoy havan-tiana – *pour ceux qui ont perdu un être cher* : mba – *pour que* :

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY – prière conduite par le pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 376, 1-2 : Mpanota ory sy mahantra :

1. Mpanota ory sy mahantra, henoy ny Teny ho anao :
I Jesosy ,Tompo be fiantra, nisolo voina anao,
Ka lzy, feno indrafo, mitaona anao hiova fo.
2. I Jesosy Tompo sy Mpamonjy miantso ny anaranao
"Mpanota very, mila vonjy, minoa Ahy ianao !
Ny sainao aoka ho vaovao, ny fomba ratsy ialao !"

Texte 3 : Isa. 55, 8-11 :

8 Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo ary ny lalanareo kosa tsy mba lalako, hoy Ny **TOMPO**. **9** Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lalako noho ny lalanareo sy ny fihevitro noho ny fihevitrareo. **10** Fa toy ny ranonorana sy ny orampanala milatsaka avy any an-danitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry [Heb : nampiteraka] sy nampahavokatra azy, mba hahatonga voa ho an'ny mpamafy sy hanina ho an'ny mpihinana, **11** Dia ho tahaka izany ny Teniko izay aloaky ny Vavako : **tsy hiverina amiko foana izy raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.**

***8** En effet, vos pensées ne sont pas mes pensées et mes voies ne sont pas vos voies, déclare l'Éternel. **9** Le ciel est bien plus haut que la terre. De même, mes voies sont bien au-dessus de vos voies, et mes pensées bien au-dessus de vos pensées. **10** La pluie et la neige descendent du ciel et n'y retournent pas sans avoir arrosé la terre, sans l'avoir fécondée et avoir fait germer ses plantes, sans avoir fourni de la semence au semeur et du pain à celui qui mange. **11** Il en va de même pour ma Parole, celle qui sort de ma Bouche : elle ne revient pas à Moi sans effet, sans avoir fait ce que Je désire et rempli la mission que Je lui ai confiée.*

Toriteny 3 : Fikasam-Panavotana mandrakizay no atolotry Ny TOMPO - Prédication 3 : L'ÉTERNEL offre un plan de rédemption éternelle :

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ireo mpitondra antsika – *pour ceux qui nos dirigeants* : mba – *pour que* :
- ho an'ireo mpampiasa antsika – *pour nos employeurs* : mba – *pour que* :

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY – prière conduite par le pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 376, 3-4 : Mpanota ory sy mahantra :

3. I Jesosy koa mampahery ny sasatra ao an-dàlana
Ny Rany soa manan-kery hahafaka ny entana
I Jesosy tsy mandroaka ny ory izay manatona.
4. Ka itokionao ny Teny naloaky ny vavany !
Ny mino Azy hovanjany hanatrika ny Tavany,
Sakaizako mahantra ô, ario ny famoizam-po.

Texte 4 : Isa. 55, 12-13 :

12 Fa amin'ny fifaliana no hivoahanareo ary amin'ny fiadanana no hitondrana anareo. Ny tendrombohitra sy ny havoana hahavelona hoby eo alohanareo ary ny hazo rehetra any an-tsaha hiteha-tanana. 13 Ny hazo kypreso haniry ho solon'ny tsilo ary ny rotra [myrta] ho solon'ny sampivato. Ary ho anarana ho an'Ny TOMPO izany, dia ho famantarana mandrakizay izay tsy hesorina.

12 Oui, vous sortirez dans la joie et vous serez conduits dans la paix. Les montagnes et les collines éclateront en cris de joie devant vous et tous les arbres de la campagne battront des mains. 13 Au lieu des buissons épineux poussera le cyprès, au lieu de l'ortie poussera le myrte, et cela contribuera à la réputation de l'Eternel, ce sera un signe éternel qui ne disparaîtra jamais.

Toriteny 4 : Teny fampanantenana avy amin'Ny TOMPO - Prédication 4 : Parole de promesses de la part de l'ÉTERNEL :

Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :

- ho an'ireo mpitondra antsika – *pour ceux qui nos dirigeants* : mba – *pour que* :
- ho an'ireo mpitandrina – *pour nos pasteurs* : mba – *pour que* :
- ho an'ireo fianakaviansika – *pour nos familles* : mba - *pour que* :

Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY – prière conduite par le pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 498, 1 sy 5 : Ahy va i Jesosy, Tompon'aina :

1. Ahy va Jesosy Tompon'aina ?
Moa ahy va ny lanitra ?
Eny, matokia ry fo sy saina,
Fa eken'Andriamanitra.
5. lombonana ny lova any,
Fa Iray ny Ray an-danitra !
Ka harena be dia be izany,
Hasambarana maharitra.

FANDRAVONANA (POUR CONCLURE) : 1 Kor. 1, 20-25 :

20 Aiza ny hendry ? Aiza ny mpanora-dalàna ? Aiza ny mpiady hevitra avy amin'izao tontolo izao ? Tsy nampodin'Andriamanitra ho fahadalana va ny fahendren'izao tontolo izao ? 21 Fa satria, na dia naseho aza ny fahendren'Andriamanitra, ny fahendrena dia tsy hahatonga izao tontolo izao hahalala an'Andriamanitra, ka dia ny fahadalan'ny fitorian-teny no sitrak'Andriamanitra hamonjeny izay mino. 22 Fa ny Jiosy mila famantarana ary ny jentilisa mitady fahendrena. 23 Fa izahay kosa mitory an'i Kristy voahombo tamin'ny Hazo-Fijaliana, dia fahatafintohinana amin'ny Jiosy ary fahadalana amin'ny jentilisa, 24 fa amin'izay voantso kosa, na Jiosy na jentilisa, dia Kristy, izay Herin'Andriamanitra sy Fahendren'Andriamanitra. 25 Fa ny fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny olona; ary ny fahalemen'Andriamanitra mahery noho ny olona.

20 Où est le sage ? Où est le spécialiste de la loi ? Où est le discoureur de l'ère actuelle ? Dieu n'a-t-il pas convaincu de folie la sagesse de ce monde ? 21 Puisque à travers cette

sagesse, le monde n'a pas connu Dieu en voyant sa sagesse, il a plu à Dieu de sauver les croyants à travers la folie de la prédication. 22 Les Juifs demandent un signe miraculeux et les Grecs recherchent la sagesse. 23 Or nous, nous prêchons un Messie crucifié, scandale pour les Juifs et folie pour les non-Juifs, 24 mais Puissance de Dieu et Sagesse de Dieu pour ceux qui sont appelés, qu'ils soient juifs ou non. 25 En effet, la folie de Dieu est plus sage que les hommes et la faiblesse de Dieu est plus forte que les hommes.

VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO – NOTRE PERE

Hira (Chant) chorale : Ny Fitiavanao (CU 2014)

Tso-drano - Bénédiction : 2 Kor. (Cor.) 13, 14 : Ho aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo sy ny Fitiavan'Andriamanitra [Ray] ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina. Amen !
Que la grâce du Seigneur Jésus-Christ, l'amour de Dieu et la communion du Saint-Esprit soient avec vous tous. Amen !

Fanirahana - Envoi : Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen ! *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendu à Dieu. Amen !*